



**FANAMBARANA IOMBONANA MIKASIKA NY FANARAHAN-MASO NY FIHODINANA VOALOHAN'NY FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA NY 07 novambra 2018**

**-- Antananarivo, 21 novambra 2018 --**

**1- Fampidirana :**

Miarahaba ny olompirenena malagasy nahavita ny adidiny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany, ary manentana sahady handeha hifidy amin'ny fihodinana faharoa.

**• Hodidina**

Taorian'ny fanapahan'ny HCC n°18-HCC/D3 ny 25 may 2018, ny governemantan'ny marimaritra iraisana, niaraka tamin'ny CENI, dia nanapaka ny datin'ny 07 novambra 2018 hanatanterahana ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Nandray ny andraikiny ny fitondrampanjakana sy ny CENI araka izany ho fanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena. Marihina fa nahitana fandikan-dalàna maro niseho taloha sy nandritra ny fampielezan-kevitra. Ankoatr'izany dia tsy voafehin'ny mpikamban'ny biraom-pifidianana amin'ny ankapobeny ny andraikiny ka nanembatsambana ny fizotrin'ny fifidianana. Nisy ireo birao fandatsaham-bato izay voaelingelina nohon'ny asan-dahalo. Na izany aza, nizotra am-pilaminana ny fifidianana.

**• Toerana nanaovana fanaraha-maso sy isan'ny mpanara-maso**

Nahahenika ireo faritra 22 sy distrika 119 ireo mpanara-maso ny fifidianana miisa 6 577, izay niasa tamina birao fandatsaham-bato 9 250.

	<b>Justice et Paix</b>	<b>L32</b>	<b>KMF/CNOE</b>	<b>Totaly</b>
Isan'ny mpanara-maso	5 192	145	1 240	<b>6 577</b>
Ireo faritra voarakotra	21	12	22	<b>22</b>
Ireo distrika voarakotra	112	22	107	<b>119</b>
Ireo SRMV narahimaso			98	<b>98</b>
Isan'ny birao fandatsaham-bato naraha-maso	5 192	208	3 850	<b>9 250</b>

**2- Alohan'ny androm-pifidianana**

**• Manodidina ny lalàm-pifidianana**

Maro ny soso-kevitra naroson'ny fiarahamonim-pirenena izay tsy noraisina, tahaka ny fanafoanana ny kara-pifidianana, ny fanitarana ny fe-potoanan'ny fampielezan-kevitra, ny famerana ny fandanianana atokana amin'ny propagandy.

**• Fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana (RALE 2017)**

Eto Madagasikara dia taratra hatreto fa tsy mahatsapa tena ho tompon'andraikitra ny olompirenena mikasika ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana.

Maro ny ezaka natao teo amin'ny fanamboarana ny lisi-pifidianana kanefa tena tsy mahafa-po ny vokatr'izany satria tsikaritra fa mbola maro ny tsy fahatomombanana : ny fisian'ireo "doublon", ireo izay efa maty kanefa mbola voasoratra ihany, ireo izay nanamarina nefa mbola nahitana fahadisoana ihany ny mombamomba azy, ireo izay efa tafiditra tamin'ny volana janoary sy marsa kanefa tsy tafiditra tao amin'ny lisitra farany, olom-pirenena misoratra amin'ny birao fandatsaham-bato anankiroa, sns.

- **Firotsahan-ko fidiana**

Mpirotsaka ho fidiana 36 no nahafeno ny fepetra rehetra tao anaty fe-potoana araky ny voafaritry ny lalàna. Tsara ny manamarika fa tamin'ity fifidianana filoham-pirenena 2018 ity dia tsy nisy ny fanilihana kandidà fa noraisina daholo ireo nahafeno ny fepetra voafaritry ny lalàna.

- **Fampielezan-kevitra**

a) **Fampiasam-bola :**

Tsikaritra fa tsy nisy ny fitovian'ny herijika nohon'ny tsy famerana ny fampiasam-bola natokana ho an'ny propagandy. Hita taratra tamin'ireo fitaovana nampiasain'ny kandidà sasany fa tena vola tsy toko tsy forohana no nampiasaina ary tsy nisy fampahafantarana ny mpifidy ny fiavian'izany.

b) **Serasera :**

Voahaja ny fitovian'ireo kandidà mpifaninana tsirairay teo amin'ny fidirana amin'ny haino aman-jerim-panjakana. Nampiseho fangaraharaha ihany koa ny fisokafan'ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) tamin'ny mpanao politika sy ny fiarahamonimpirenena.

Maro ny fihantsiana sy fanaratsiana novoizin'ireo mpanohana kandidà tao amin'ny tambazotra sosialy. Mikasika ireo haino aman-jery tsy miankina kosa dia ireo kandidà izay manana fahefana ara-bola no tena nahazo vahana. Nisy koa ny endrika fampielezan-kevitra mialoha ny fe-potoana voalazan'ny lalàna.

c) **Kalitaosy fenitra :**

Raha ny kalitaon'ny hevitra niparitaka nandritra ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra indray dia mbola hita taratra ihany fa tsy dia ny hevitra loatra no nanjaka fa ny kabary mampandry adrisa sy ny fihetsiketsehana ivelany ary ny fizaram-bola mba hambaboana ny olompirenena. Nisy ihany ny vina sy fandaharan'asa izay natolotr'ireo kandidà fa tsy voaresaka mihitsy ny fomba hanatanterahana izany sy ny fifandrifian'ireo fandaharan'asa amin'ny hetahetan'ny olompirenena.

Betsaka ihany koa ireo peta-drindrina napetraka tetsy sy teroa, (tsy tamin'ny toerana voatokana) sy ny tsy fahafenoan'ny toerana efa nomanin'ny CENI, ny fandikàna ny lalàna toy ny fandrovitana ny afisy ary tsy voahaja ny tsy fiandanian'ireo mpiasam-panjakana amin'ny kandidà.

d) **Loharanon-disadisa (« Foyer de tension ») :**

Tsy voahaja ny demokrasia nandritra ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra tamin'ny alalan'ny fanakanana ny famoahana vokatrana fanadihadiana. Teo koa ny hetsik'ireo kandidà izay nivondrona hitaky ny fanokafana indray ny lisi-pifidianana, ary koa ny fanemorana ny datim-pifidianana.

- **Fanabeazana ara-pifidianana**

Mbola tsy ampy ny fanabeazana ara-pifidianana na dia nisy aza ny fanentanana izay natao teny ifotony, tahaka ny nataon'ny KMF/CNOE, Justice et Paix sy Liberty 32. Noho izany, na ny CENI na ny

antoko politika dia takiana hanentana sy hampianatra ny olompirenena mikasika ny zotram-pifidianana.

### **3- Mandritra ny androm-pifidianana**

Nihena ny taham-pahavitrihan'ny mpifidy (54,23%) araka ny tarehimarika vonjimaika izay navoakan'ny CENI raha 61,85% tamin'ny 2013. Isan'ny nahatonga izany ny fahalaviran'ny toeram-ponenan'ny mpifidy amin'ny toerana misy ny birao fandatsaham-bato, ny tsy fahatomombanan'ny lisitry ny mpifidy ary ny fahatofohan'ny olompirenena amin'ny raharaha politika.

#### **a) Fisokafan'ny birao fandatsaham-bato :**

Maro tamin'ireo birao fandatsaham-bato naraha-maso no tsy nanomboka ara-potoana nohon'ny tsy fahafenoan'ny mpikambana sy ny tsy fahavononan'ny fitaovana. Momba ny fanaovana antsapaka izay hanao sonia ao an-damosin'ny biletà tokana dia nisy no tsy nanaraka ny voalazan'ny lalàna (oh : ny mpifidy no nanao azy, notendren'ny birao-pifidianana).

#### **b) Fahamoran'ny fidirana ao amin'ny birao fandatsaham-bato :**

Nisy ihany ireo birao fandatsaham-bato izay sarotra ho an'ny olona manana kilema sy ny zokiolona no niditra tao.

#### **c) Fitaovana :**

Ny ankamaroan'ny biraom-pifidianana dia tsy nahitana ny lalàm-pifidianana na dia amin'ny tanàndehibe toa an'Antananarivo aza. Ny "isoloir" koa tamin'ny ankapobeny dia tsy manaja ny fenitra iarovana ny safidy miafina. Nisy ny fifangaroan'ny biletà tokana efa misy nomerao ka tsy tonga tany amin'ny birao fandatsaham-bato tokony nampiasana azy. Farany, tsy tomombana ny lisi-pifidianana tamin'ny toerana sasany.

#### **d) Kara-pifidianana :**

Maro ny karatra tsy voazara sy ireo tsy fahatomombanana tao anatin'ny.

#### **e) Fanisam-bato :**

Mialohan'ny fanombohan'ny fanisana dia tokony nohazavaina tamin'ny nanatrika ny atao hoe vato maty, vato fotsy, vato manan-kery. Nizotra am-pilaminana ihany anefa ny fanisam-bato amin'ny ankapobeny.

#### **f) Fandefasana ny voka-pifidianana sy ireo tahirin-kevitra rehetra any amin'ny SRMV :**

Nisy mpanara-maso izay afaka nanaraka ny fandefasana ny voka-pifidianana sy ny tahirin-kevitra rehetra nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana tany amin'ny SRMV. Nisy ihany kosa nefa ireo izay tsy navela hanao izany andraikiny izany. Nahitàna tsy fahatomombanana ny fikirakiràna ireo vokatra tamin'ny SRMV sasantsasany.

### **4- Aorian'ny androm-pifidianana**

Nisy ny birao fandatsaham-bato izay tsy nametraka ny voka-pifidianana tamin'ny alalan'ny afisy ary koa ny fokontany izay tsy nanatanteraka ilay fanambarana ampahibemaso ny voka-pifidianana tamin'ny alalan'ny fivoriam-pokonolona ny ampitson'ny fifidianana. Tsy voahaja araka izany ny andininy 181 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana 2018-008.

## 5- Tolo-kevitra sy fitakiana

### • Fohy ezaka

Ho fanatsarana ny fihodinana faharoa dia takiana ny :

- fizarana ireo kara-pifidianana rehetra tsy voazara
- fanamafisana ny fiofanan'ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato mba ho voahaja amin'ny antsakany sy andavany ny voalazan'ny lalàna
- fitazonana ireo fandraisana anjaran'ireo kandida amin'ireo haino aman-jerim-panjakana araky ny lalàna
- fahamatorana amin'ny fikirakirana ny voka-pifidianana sy ny fampisehoana ny mangarahara
- hanaovana ho andro tsy fiasana ny ampitson'ny fifidianana izay hanatanterahana ny fanambarana am-pahibemaso ny voka-pifidianana amin'ny alalan'ny fivoriam-pokonolona
- fanarahana ny lalàna mikasika ny fanaovana peta-drindrina ny valim-pifidianana eny anivon'ny biraom-pokontany sy eny anivon'ny kaominina

### • Lavitr'ezaka

Ho fanatsarana ny fifidianana ho avy, dia ilaina ny :

- Famporisihana ny olona handray andraikitra kokoa amin'ny fiainam-pirenena;
- Fanatsarana ny lalàm-pifidianana ( oh: Fanomezan-danja ireo vato fotsy ao anatin'ny lalàna satria efa fanehoan-kevitra ny olompirenena ireny);
- Hanatanterahana ny fanatsarana ny lalàm-pifidianana fara-fahakeliny roa taona mialoha;
- Fandrafetana lisi-pifidianana biometrika mba hialana amin'ireo tsy fahatomombanana isankarazany;
- Fanomezana taratasy manaporofa ho an'ireo rehetra vao nisoratra anarana na nanamarina, sy nanitsy ny momba azy tao amin'ny lisi-pifidianana;
- Fanamafisana ny fanabeazana ny olompirenena momba ny fifidianana;
- Fitoniana eo amin'ny mpiantsehatra rehetra mandritra ny zotram-pifidianana;
- Fandraisana andraikitra ny olompirenena tsirairay avy ho tomponanatoka amin'ny hoavin'ny firenena;
- Fanaraha-maso sy fampitsaharana ny herisetra amin'ny endriny rehetra indrindra ny ao amin'ny tambazotra sosialy;
- Fampiharana ny mangarahara sy ny lalàna velona.

Tsara porofoina amin'ny olompirenena fa mahaleotena tanteraka ireo rehetra mikarakara ny fifidianana, ary tsy maintsy ampiharina tsy anavahana an'iza na iza ny lalàna velona satria tany tandalàna i Madagasikara.

Ary farany, tena ilaina ny fanazavana avy amin'ny CENI momba ny fisiana antontan'isa roa samihafa mahakasika ny vok-pifidianana vonjimaika nivoaka ny sabotsy 17 novambra 2018, ny voalohany novakiana am-pahibemaso ary ny faharoa nivoaka tamin'ny tranokala.